

**Fivorian'ny Troïka SADC. Tsy misy hidirany mihitsy ny raharaha fitsarana ao anatin'ireo Firenena mpikambana ao aminy**



**Roland Ravatomanga (mitsangana) sy ireo hikasa hamerina 2002 faharoa...**

Tena mampahonena tokoa ity Roland Ravatomanga, ministry ny Fambolena ao amin'ny

Tetezamita ity (tokony hametra-pialana koa izy e !), manaraka ny adalan’ingahy Marc Ravalomanana. Adalana satria, raha ho any Namibia izy *“hitory”* fa tsy izy io vokatra vonjimaika navoakan’ny CENI-T, ny 3 Janoary 2014 teo, dia toa izao no havalin’ny Troïka ao amin’ny SADC. Tsotra fa mazava be :

Ny feni-kevitra sy ny soatoavin’ny SADC dia mifototra amin’ny fanajana ny maha iray tsy anombinana ny tany sy ny maha masi-mandidy ny Firenena mpikambana. **Ny SADC dia manaiky sy manaja ny fahaiza-manao, ny fahamarinana ary ny fahaleovantenan’ny rafi-pitsaran’ireo Firenena mpikambana ao aminy. Ny SADC dia tsy manana fahefana hisalovana na hanafoana ny fanamelohana ara-pitsarana sasantsasany nataon'ny Fitsarana ao amin’ny Firenena izay ao anatin’ny Firenena mpikambana.**

Tsy misy tranon-kenatra intsony izany ilay filoha nanome ny fahefany any amina *“Directoire militaire”*, tsy hita ao anatin’ny Lalampanorenenan’ny Repoblika faha-3 akory, ny marainan’ny 17 Marsa 2009. Ary dia hipoitra amin'izay ny marina rehetra mikasika io hoe *"coup d'état"* io...

Ny tohiny ? Hamporisika ny Malagasy sasany hanao 2002 faharoa. Tsy hahomby ihany koa io satria tamin’izany fotoana izany anie ny vahoaka iray manontolo niampy ny Ffkm no voafitaka tamin’ilay « *Premier tour dia vita* » e ! Fa amin’ity dia ny movansa Ravalomanana sy ny zanak’i Dada ihany no hamporisihina. Haveriko eto indray ny voalazan’ny Mpitoriteny, satria fatra miantso an’Andriamanitra ingahy Ravalomanana. Ny dikany dia fantany tsara ireo teny ireo fa minia tsy manaraka izy. Ka azy ny azy fa hanjombona ny hoaviny…




Jeannot Ramambazafy – 07 January 2014